# Ilay Voa Tsara Nafafy 28 Oktobra 2020

# 28 Alarobia oktobra

**Jehovah no Mpiandry ahy, tsy hanan-java-mahory aho... Eny, na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho, dia tsy hatahotra ny loza aho ; fa Ianao no amiko.** Salamo 23. 1, 4

**Kristy Jesosy, Mpamonjy antsika ... nahafoana ny herin'ny fahafatesana, ka ny filazantsara no nampisehoany mazava ny fiainana sy ny tsy fahalovana mandrakizay.** 2 Timoty 1. 10

## Ny aloky ny fahafatesana

Vao namoy ny vadiny ity mpitoriteny iray mbola tanora, no nanontany azy ny zanany vavy kely, tao anatin'ny fahoriany amin'ny maha zaza azy, hoe : — Jesosy efa maty noho ny fahotantsika, ka nahoana isika no mbola tsy maintsy ho faty ihany ?

Tsy namaly teo no ho eo ilay raim-pianakaviana, fa mbola nitady fanazavana tandrify ny taonan'ity zanany. Nandeha fiara ho any amin'ny fasana izy ireo, tato aoriana-na kamiao be, no nasain'ilay ray nijery io fiarabe mavesatra io ny zanany ary nanontaniany hoe : — Raha tsy maintsy ho voahitsaka isika, dia inona no tianao : ho voahitsak'io fiarabe io sa ho voahitsaky ny aloka manaraka azy ? — Ny aloka manaraka azy, satria tsy hamparary antsika izany !

Nangina kely ilay raim-pianakaviana ary nihetsi-po nanohy hoe : — Hitanao, maty teo amin'ny hazofijaliana Jesosy, toy ny voahitsaky ny fiara mavesa-be. Nilatsaka taminy ny fahatezeran'Andriamanitra manontolo, mba ho ny aloky ny fahafatesana fotsiny no handalovantsika.

*(araka an'i R. Zacharias)*

*Amin'ny antoandro dia eo ambany fahazavanao aho ;*
*Amin'ny alina dia milamina ny torimasoko.*
*Amin'ny maraina dia manazava ahy ny masonao*
*Ary mitarika ahy eo amin'ny lalako ;*
*Ary isankariva, ry Ray mamy,*
*Dia manomana ny ho ampitsoko ianao.*

*Dia hitako manatona, amin'izany,*
*Ny faran'ny diako etỳ an-tany etỳ,*
*Ary andrasako fatratra sy am-patokiana*
*Ny lova masina any an-danitra :*
*Raha hanarona ahy ny fasana,*
*Dia hivoaka am-boninahitra avy ao aho.*